

"Isika tia, satria Izy efa tia antsika taloha" 1Jaona 4:19

MATOAN-DAHATSORATRA

"Eo anatrehan'Andriamanitra sy Kristy Jesosy, Izay hitsara ny velona sy ny maty, ary noho ny amin'ny fisehoany sy ny fanjakany, no ananarako mafy anao : mitoria ny teny, mazotoa, na amin'ny fotoana, na tsy amin'ny fotoana..."

2 Tim. 4:1-2



ANDRIANASOLO Jaona

Izany tenin'ny Apostoly Paoly izany no entiko miarahaba anao mpamaky hajaina indray. Anisan'ireo teny faramparany teo amin'ny fiainany izany, raha ny konteksta no jerena, ka azo

heverina ho manana ny lanjany manokana toy ny testamenta izay ho avelany. Ahoana ny tokony handraisantsika izao 'fananarana mafy' miezinezina izao? Mazava araka izany ny mahazava-dehibe ny fitoriana ny teny, sy ny tokony hampazoto antsika hanao izany, ka tsy hisy na inona na inona hampijanona antsika, fa dia ho vonona mandrakariva, hiatrika ny asa fanambarana ny Filazantsara isika.

Jesosy, Izay efa niantso antsika ho mpiaramiasa Aminy amin'izao asa fanompoana izao anie, homba antsika amin'ny fitondrana ambavaka ny asa, homban'ny fisaorana sy ny fiderana Azy mandrakariva.

ASA FITORIANA NY FILAZANTSARA ENY AMIN'NY FONJA

Fampianarana Soratra Masina - Hetsika fanatanjahantena

Nanomboka ny taona 2013 dia nivelatra tamin'ny lafiny fifaninanana ara-panatanjahantena (baolina kitra) ny fiaraha-miasan'ny Feon'ny Filazantsara (FF) sy ny eny amin'ny Fonjaben'Antanimora. Teo aloha dia fotoambavaka fohy sy toriteny, fanentanana ireo voafonja hianatra sy handalina ny Tenin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Fampianarana Soratra Masina Ifandraisana (FSMI) ary fanomezana sakafo izay iarahana amin'ireo Fikambanana hafa miasa eny amin'ny Fonja no niandraiketan'ny FF. Tanteraka soa aman-tsara izany fifaninanana lalao baolina kitra izany ho an'ny taona 2014. Efa nanomboka ny volana Septembra izany ary ny dingana famaranana dia notontosaina ny Alarobia 15 Oktobra 2014. Nanatrika io fotoam-paranana io moa ny Talen'ny FF, Atoa Andrianasolo Jaona sy ny Mpitantana ny Programa eto amin'ny FF, Atoa Rakoto Rabehajaina Louis, niaraka tamin'ireo "volontaires FF" eny amin'ny Fonja. Ho fampaherezana ireo voafonja dia nisy ny Tenin'Andriamanitra izay nentin'ny Tale nandri-try io fotoana famaranana io.

Izany dia nalaina tao amin'ny Marka 12:28-34. Ny hafatra nampitaina moa dia ny hoe: tsy misy didy hafa lehibe noho ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny fitiavana ny namana. Nomena "Fanion" misy ny sary famantarana ny FF ny Ekipa nandresy tamin'ny lalao famaranana ary nozaraina vary iray kilao avy isan'olona ny voafonja rehetra zay nandray anjara tamin'izao fifaninanana lalao baolina kitra izao. Nahatratra valopolo mahery (mpilalao sy mpitsara ary mpitantara) ny isan'izy ireo. Testamenta vaovao miisa 20 koa no natolotra mba hovakian'ireo mpianatra manaraka ny FSMI. Marihana fa nandritra ireo lalao fifanitsanana rehetra dia naranty tsy tapaka ny "banderole" mampahafantatra ny FSMI ary nisy hatrany koa ny fanentanana ireo voafonja marobe mpijery lalao mba hirosoan'izy ireo handalina ny Tenin'Andriamanitra, ilay Teny mamelona sy manafaka. Antenaina fa hitombo betsaka hatrany ny isan'ireo mpianatra vokatr'izao hetsika sy fanentanana izao. "...tao an-tranomaizina Aho, dia novangianareo" Matio 25:36b.■



Anisan'ireo ekipa nandray anjara



Dtoa Jeannot sy Atoa Louis (FF) nanolotra ny loka

Ho hitanao ato

- p. 1 **Asa fitoriana ny Filazantsara eny amin'ny fonja:**
 - Hetsika fanatanjahantena
 - Hetsika rindran-kira
- p. 2 **Fampianarana Soratra Masina Ifandraisana (FSMI):**
 - Handroso sy hiely hatrany ny Tenin'Andriamanitra
 - Mitombo hatrany ireo nahavita ny fianarana
- p. 3 **Fandaharana amin'ny fampielezam-peo**
 - Mitohy hatrany ny fanomezana lohahevitra vaovao isambolana ho an'ny mpihaino
 - Nivavaka ny tamin'ny volana Desambra 2014
- p. 3 **Fiaraha-miombon'antoka (Fiangonana/Feon'ny Filazantsara)**
 - Dinidinika sava-ranonando
- p. 3 **Fampiofanana : Fampitaovana ny olona masina**
- p. 4 **Vatsim-panahy : "ANDRIAMANITRA DIA FITIAVANA"**
- p. 4 **Fandaharanasa ho an'ny tanora :**
 - Amin'ny endrika maro no entina mitory ny Filazantsara eny amin'ny Sekoly

Fampianarana Soratra Masina - Hetsika rindran-kira

Ireo vehivavy voafonja eny amin'ny Fonjaben'Antanimora kosa dia nanatanteraka hetsika hafakely sy manokana tamin'ny taona 2014 ho fanomanana ny fiavian'ny Krismasy. Fifaninanana rindran-kira ara-pilazantsara nampitondraina ny lohateny hoe: "MIHOBIA 2014" no natolotra ny Feon'ny Filazantsara azy ireo, ka natomboka ny 04/11/14 ary nifarana ny 25/11/14 lasa teo izany. Nozaraina ho "chorale" dimy (avy amin'ireo efitrano dimy) izy ireo ka nahatratra 10 ny mpanandray

anjara mandrafitra ny ekipa iray. Fifaliana sy fiderana an'i Jesosy Kristy, Tompo sy Mpamonjy no hita taratra tamin'ny seho rehetra, ary nasehon'izy ireo tamin'ny feo manga sy fihetsika mahafinaritra ary fitafiana kanto nisalorany izany. Marihina fa dia nisolo isaky ny fampisehoana ny fanamiana nanaovan'ny mpanandray anjara. Tamin'ny famaranana dia notolorana loka avokoa ireo mpanandray anjara rehetra, na dia ireo tsy tafakatra tamin'ny dingana famaranana aza.

→ p.4

Handroso sy hiely hatrany ny Tenin'Andriamanitra

Amin'izao fotoana izao dia mahatratra aman-jatony ireo Fiangonana avy ao amin'ny FLM, FJKM ary METM izay misy mpianatra manaraka ity Fampianarana Soratra Masina Ifandraisana (FSMI) na Cours Biblique par Correspondance karakarain'ny FF ity. Na dia izany aza dia tsy mitsahatra ny mampivelatra hatrany ity Fampianarana ity ny FF. Fihonana mivantana amin'ireo raïamandreny Pastora/Mpitandrina na fanentanana mandritry ny fotoam-pivavahana ny Alahady no anisan'ny fomba iray entiny manatanteraka izany. Misaotra an'Andriamanitra fa maro ireo liana sy resy lahatra, koa isan-kerinandro dia saika misy hatrany fihonana amin'izy ireo. "dia toy izany koa isika, na dia maro aza, dia tena iray ihany ao amin'ny Kristy" (Romana 12: 5).

FLM Anosibe Fampiraisana

Nanomboka ny volana Janoary 2012, rehefa niato nandritra ny taona vitsivitsy ny fifandraisan' ny FF sy ny Sampana KTLM ao amin'ny FLM Anosibe tamin'ny alalan'ny FSMI. Atoa Jean Charles izay mpikambana ao amin'ny KTLM io moa no nanolo-tena ho mpiara-miasa an-tsitraro niandraikitra izany. Ny KTLM, amin'ny maha sampana fitaizana ara-batana, ara-tsaina ary ara-panahy, sy ny maha antoko mpihira azy dia tena zava-dehibe noho izany ny fitomboana ara-panahin'ireo tanora. Koa ny Alahady 12 oktobra 2014 lasa teo

dia nihaona tamin'ireo mpikambana ao amin'ny KTLM ny solon-tenan'ny FF. Izany no natao dia ho fanentanana sy ho famporisihina ary ho fampaherezana azy ireo hazoto mandrakariva amin'ny fianarana ny Tenin'Andriamanitra. Maro ireo efa manaraka ny fampianarana FSMI, koa dia resy lahatra ireo mbola tsy nandroso tamin'izany fa hanomboka hianatra. Ny hetahetan'izy ireo moa dia tsy hijanona amin'ny sampana Tanora ihany ny fanentanana fa dia hahenika ny Fiangonana iray manontolo.■

FJKM Atsimon'i Mahamasina

Ho tohin'ny fihonana'ny solon-tenan'ny Feon'ny Filazantsara tamin'Atoa Ranaivoarisoa Tiana Alisoa, Mpitandrina, FJKM Atsimon'i Mahamasina dia nanao fanentanana mikasika ireo sehatr'asa vokariny ny FF ny Alahady 30 Novambra 2014. Namporisika sy nanentana ireo kristiana handroso amin'ny fianarana ny Tenin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny FSMI, izay omena maimaim-poana. Nampahafantarina ny Kristiana koa ny fisian'ny Horonan-tsarimihetsika, ny fandaharana amin'ny radio ary ireo Literatiora Kristiana. Taorian'ny fanompom-pivavahana moa dia nisy ny fizarana "brochure" ho fampahafantarana bebe kokoa ny FF sy ireo fitaovam-pifandraisana izay azony atolotra.■



Atoa Jaona Filoha KTLM



Atoa J Charles, Volontaire FF



Atoa Tiana Alisoa Ranaivoarisoa, Mpitandrina

Mitombo hatrany ireo nahavita ny fianarana

FJKM Peniela Ambodifasina

Anisan'ny Fiangonana mifandray amin'ny Feon'ny Filazantsara nanomboka tamin'ny taona 2012 amin'ny alalan'ny FSMI na "Cours Biblique par Correspondance" sy ny "Film débat" ny FJKM Peniela Ambodifasina. Koa ny Alahady 02 Novambra 2014 izay Alahadin'ny zanak'Ampielezana no nanolorana Diplaoma ireo mpianatra nahavita ny fianarana. Marihina fa fanindroany izao fanolorana diplaoma izao tao amin'ity Fiangonana iandraiketan'Atoa Mamy Vokatsoa Rambinimanana, Mpitandrina ity. Atoa Solofohery moa no mpiara-miasa an-tsitraro amin'ny FF ao an-toerana.■

FJKM Tranovato Andafiavaratra

Toy izany koa ny tao amin'ny FJKM Tranovato Andafiavaratra ny Alahady 14 Desambra 2014, nandritry ny fanompom-pivavahana maraina no nanolorana ny diplaoma ho an'ireo mpianatra roa ambinin'ny folo nahavita ny FSMI. Nanentana ireo kristiana ny hiroso hatrany amin'ny fianarana ny Tenin'Andriamanitra Rtoa Nirina H. Ranarimalala, Mpitandrina ao an-toerana ary nisaotra ny FF amin'ny fanoloran-tanana eo amin'ny fampivelarana ny asa Fitoriana. Nandray anjara mavitrika tamin'izany raha-teo Atoa Finaritra mpiara-miasa an-tsitraro amin'ny FF ao an-toerana.■

FLM Andranotaratra

Hoan'ny FLM Andranotaratra, Fitandremana Antotohazo izay iandraiketan'ny Pastora Randriamanantena Simon dia niisa enina ireo mpianatra nahavita ny fianarana ary notolorana Diplaoma. Ny 25 Desambra 2014 fankalazana ny Krismasy no nana-tanterahana izany niaraka tamin' Atoa Talen'ny FF, izay nampahery sy namporisika hatrany ny rehetra hazoto amin'ny fianarana ny Soratra Masina. Atoa Rafalimanana William no mpiara-miasa an-tsitraro any an-toerana.■



Fanoloran'Atoa Mamy Vokatsoa Mpitandrina ny Sertifika



Ireo mpianatra notolorana Sertifika



Notronin'Atoa Talen'ny FF ny fanolorana diplaoma

FJKM Ankadiaivo Miaramino

Nanasa ny FF ny FJKM Ankadiaivo Miaramino izay iandraiketan-dRamatoa Rakotoniaina Vonimboahangy, Mpitandrina, hanolotra Diplaoma ho an'ireo mpianatra 27 nahavita ny fianarany Taona I sy II. Ny Alahady 18 Janoary 2015 no nanantanterahana izany; ka ny raïamandreny Mpitandrina sy ny

solon-tenan'ny FF niaraka tamin'Atoa Rabeson mpiara-miasa an-tsitraro no nanolotra izany. Taorian'izany moa dia nisaotra sy nankasitraka ny anjara biriky entin'ny FF ho amin'ny Fiangonana Ramatoa Mpitandrina.■



Tsy mifidy taona ny fandalinana ny Tenin'Andriamanitra

Mitohy hatrany ny fanomezana lohahevitra vaovao isam-bolana ho an'ny mpihaino

Araka ny efa notaterina tamin'ireo Gazety Ako Laharana faha 13, 14, 15, dia manana anjara toerana lehibe eo amin'ny fanambarana ny hafatry ny Baiboly amin'ny mpihaino ny fandaharana amin'ny fampidazam-peo. Raha tsiahivina fohy dia faritra

dimy eto Madagasikara no mampiatrano izany amin'izao fotoana izao dia: Antananarivo, Toamasina, Antsirabe, Toliary ary Mahajanga. Mitohy hatrany noho izany ny famelabelarana lohahevitra iray isam-bolana izay andraisan'ny sokajin'olon maro anjara:

tanora zandriny, zokiny, ray aman-dreny ary raia-mandreny am-panahy. Mahaliana olona maro ny fandaharana izay mahakasika indrindra ny tontolon'ny tanora satria dia misy hatrany ireo maneho izany amin'ny alalan'ny antso an-taroby.■

Niavaka ny tamin'ny volana Desambra 2014

Niavaka kely ny tamin'ny volana Desambra 2014 teo satria ho fanamarihana ny fankalazana ny Krismasy dia nisy fifaninanana Soratra Masina tandrify ny Lohahevitra nobanjinina: "Ny Fitiavan'Andriamanitra" araka izay anambarany ny 1 Jaona 4: 9-16 azy. Ireo "Stations Radio FM" enina (6) mpiara-miasa amin'ny FF no nandefasana ireo fandaharana (Antananarivo: Radio Teny Fiainana 91.2 FM, ACEEM 103.FM; Antsirabe: Radio Ny Feon'ny Mpitily: 92 FM; Toamasina: Radio Ny Antsika 94.2 FM; Toliary: Radio Université 91.4 FM; Mahajanga Radio Fahazavana 88.6 FM). Tamin'ny alalan'ny nandefasana sms taty amin'ny Foibe FF no nentim'ireo mpandray anjara namaliana ny fanontaniana. Nahatratra 1829 ny isan'ireo sms voaray, koa ny fizarana ny lokan'ireo folo voalohany dia notanterahana ny Asabotsy 24 Janoary 2015 tao amin'ny Foibe FF. Natrehin'ny Vadintany Maitre Rasahondranirina Raymondine izany.

Ireto ny anaran'ireo folo voalohany nahazo ny loka sy ny loka azon'ny tsirairay avy: Rakotoson Rivo J, loka voalohany "Tablette"; Raharisoa Sylvie, loka faharoa "finday" sy "casque Bluetooth"; Fidison Victor, loka faha -telo "Clé USB 8Go" sy "Casque Bluetooth". Ny loka faha efatra ka hatramin'ny fahafolo dia kitapo miampy DVD "Le petit Berger" ary bokikely kristiana izay azon'ny: Razafindravao Arlette, Razafindravelo Lucienne, Razoelisolomalala Agnes B, Randriamanantena Tovosoa A, Ramalalanindrina Rova H, Rakotoniaina N Modeste, Rasolofoniaina Fanomezantoky. Marihina fa ireo folo nahazo loka ireo dia samy nomena kalendrie FF sy kitapo misy Logo FF avy fanampiny. Ny fanirianay dia mba ho maro ireo mpihaino nandray ny hafatry ny Krismasy nampitaina ka hiaina sy hizara izany amin'ny mpiara-belona, dia ny Fitiavan'Andriamanitra antsika mpanota.■



Atoa Louis nanelotra ny loka



Ireo lokan'ireo folo voalohany

FIARAHAN-MIOMBON'ANTOKA (FIANGONANA/FEON'NY FILAZANTSARA)

Dinidinika sava-ranonando

Foibe Synodam-paritany Andrefana sy Atsimo

Ho fampahafantarana ny Feon'ny Filazantsara (FF) sy ny asa sahaniny ary ho fanamafisana ny fiaraha-miasa efa misy ary miha-mivelatra amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara (FJKM) dia nisy ny fihonana teo amin'ny Filohan'ny Synodam-Paritany Antananarivo Andrefana (SPAA 10), Atoa Rahaingonjanahary Rodolphe, Mpitandrina nandritry ny Komity lehibe ny SPAA (10) teny amin'ny FJKM Mahitsy Famondra ny Zoma 10 Oktobra 2014 sy ny Filohan'ny Synodam-Paritany Antananarivo Atsimo (SPAA 11) Atoa Rabelison Harimanitra Manassé, Mpitandrina sy ny Talen'ny FF, Atoa Andrianasolo Jaona ary ny Tompon'andraikitra ny Programa, Atoa Rakoto Rabehajaina Louis, ny alarobia 9 desambra 2014. Niompana tamin'ny programan'asa Fampianarana Soratra Masina Ifandraisana sy ny Fampitaovana eo amin'ny asa Tafika Masina ataon'ny Fiangonana izay atomboka amin'ny fanatanterahana Seminera Fampiofanana mitondra ny lohateny hoe

'Fampitaovana ny Olona Masina'. Tapaka nandritra ireo fihonana ireo ny hitohizan'ny fampahafantarana ny FF eo amin'ny Fivoriana samihafa eo anivon'ny Synodam-Paritany SPAA 11 sy SPAA (10). Irina sy antenaina ny hivelaran'ny fiaraha-miasa amin'ireo Fitandremana samihafa ao anatin'ireo Synodam-paritany roa ireo. ary koa ny hitaran'izany amin'ny Synodam-Paritany hafa.■



Atoa RABELISON Harimanitra Manassé, Mpitandrina sy ny Talen'ny FF, Atoa ANDRIANASOLO Jaona

Fitandremana Toby Betesda Ambohibao

Nisy ihany koa ny fihonana tamin'ny raia-mandreny Pastora, Randrianirina Solofoson Gilbert, Mpitondra Fitandremana Toby Betesda Ambohibao ny 20 Janoary 2015. Tapaka nandritry izany fihonana izany fa ho tanterahina ny 12-13 Martsa ho avy izao ny Seminera Fampiofanana Tafika Masina, izay iarahana manatontosa amin'ny FF.■



Fihonany Talen'ny FF Atoa Andrianasolo Jaona sy ny raia-mandreny Pastora Randrianirina Solofoson Gilbert, Mpitondra Fitandremana Toby Betesda Ambohibao

Fampiofanana : Fampitaovana ny olona masina

Mivelatra amin'ny SP Andrefana sy ny SP Iarivo Avaradrano, eo amin'ny sahan'ny FJKM sy ny Fiangonana METM ankehitriny ny fananganana fiaraha-miombon'antoka (Fiangonana sy ny FF). Tanteraka soa aman-tsara ny 06, 07 Novambra 2014 lasa teo, teny amin'ny FOFIKRI Ilafy mantsy ny Fampiofanana antsoina hoe "Fampitaovana ny olona masina" niarahana tamin'ireo Fiangonana mpiara-miasa dimy. Marihina fa fampiofanana voalohany ho an'ny taom-piasana 2014-2015'ny FF (manomboka volana Jona 2014- volana may 2015) moa izy ity. Mpiofana 34 no nandray anjara tamin'izany izay saika avy amin'ny Sampanasa AFF avokoa. Tonga nanotrona sy nandray anjara tamin'ny Fampiofanana: Rtoa Andrianalijaona Norosoa, Mpitandrina (FJKM Ambohibafy Fanantenana, SP Andrefana), Atoa Rajaonarison Rado

Fanomezantsoa (FJKM Ampotany Famondra, SP Iarivo Avaradrano), Atoa Raharjaona Hanitra Rivosoa (FJKM Ambohimadana Fanilo, SPA Atsimo) ary Atoa Rakotomalala Jean Jacques (METM Hermona Finoana) sy Atoa Rakotonirina Velson (METM Nazareta Fitiavana). Ireo Fitandremana dimy ireo moa dia efa mpiara-miasa hatrizay amin'ny FF amin'ny alalan'ny sehatra'asa Fampianarana Soratra Masina Ifandraisana (Cours Biblique par Correspondance). Faly ary nankasitraka ny ezaka ataon'ny FF ny rehetra satria dia hanampy ary indrindra hampahomby hatrany ny asa Fitoriana iandraiketan'ny Fiangonana ny fampiofanana noraisina. Nanamafy indray ny "ENY" tamin'ny fiantsoana sy ny fanirahan'ny Tompo azy ny rehetra. Toy ny mahazatra tamin'ny famaranana ny fampiofanana dia nisy fanolorana "certificats" ho an'ireo mpiofanana.■



Mpitandrina R. Jean Jacques sy R. Hanitra Rivosoa nanelotra ny Sertifika

Vatsim-panahy

ANDRIAMANITRA DIA FITIAVANA

"Ary isika efa mahalala sy mino ny fitiavan'Andriamanitra antsika. Andriamanitra dia fitiavana; ary izay mitoetra amin'ny fitiavana no mitoetra ao amin'Andriamanitra, ary Andriamanitra ao aminy."
I Jaona 4:16

Ny Epistily dia taratasy soratana amin'ny olona efa mino. Izany no anton'izao teny hitantsika eto izao. "Ary isika efa mahalala sy mino ny fitiavan'Andriamanitra antsika."

NOFORONINY TAHAKA NY ENDRINY NY OLONA

Raha mandinika isika dia hafa noho ny zavatra rehetra ny olombelona ary tamin'ny namoronan'Andriamanitra azy dia izy irery no noforonony tahaka ny endriny. Mety mandiso hevitra antsika ny mieritretra ny dikan'ny hoe: tahaka ny endrik'Andriamanitra, ny tena hevitr'izany dia ny fananan'ny olona firaisana Amin'Ilay Andriamanitra nahary azy; afaka miresaka Aminy ary afaka mihaino ny feony. Raha amin'izao andro izao dia afaka mivavaka sy mamaky ny tenin'Andriamanitra na mihaino Azy isika. Tsy misy manana izany harena izany ny biby, na ny zava-maniry, na ny zava-boary hafa rehetra.

MIPETRAKA EO AMIN'NY TOERANA

Mitoetra eo amin'ny toerana nametrahana antsika ve isika? Mitoetra amin'ny maha endrik'Andriamanitra antsika ve isika? Ny maha endrik'Andriamanitra antsika dia ny firaisantsika Aminy amin'ny alalan'ny teniny: io ny tenin'Andriamanitra eo ampelatanan'ny olona io, io no iresahany amin'ny olona, manao ahoana ny fitiavan'ny olona izany? Manao ahoana ny fankatoavan'ny olona izany? Sa mamaky ihany isika fa tsy mankatoa? Raha tsy mankatoa izany teniny izany ny olona dia tsy mitombo ao anatin'ny olona ny teniny ary izany no nilazany hoe: "hianareo mamono Ahy satria ny teniko tsy mitombo ao anatinareo". Asa na manao ahoana ny firesahan'ny olona amin'Andriamanitra, izany moa no atao hoe vavaka, fa izany koa no nametrahana ny olona dia ny hiresaka amin'Andriamanitra; moa ve mba maha-tsiaro miresaka amin'Andriamanitra tokoa ny olona? Ianao ve mba mahatsiaro mihaino ny tenin'Andriamanitra? Sa aleano mihaino feo hafa izay mety mahaliana kokoa ankehitriny, ka ny fiainantsika aza dia filan'ny nofo ihany toy ny an'ny an'ny biby ka rasy mahatsiaro akory izay mivavaka anefa mety hitarika any amin'ny fahaverezana aza? Manao ahoana ary ny faha-retantsika miresaka amin'ny Tompo, sa dia ataontsika alafafay rehefa mihinan-kanina fotsiny no mivavaka raha tsaroana aza izany. Ny tenin'ny Tompo tokoa dia milaza fa raha tsy miray amin'ny foto-boaloboka ny sampana dia ho maina ka ariana, ary atao fampirehetana afo.

Aoka ary isika hitoetra amin'ny toerana natao antsika dia ny maha endriny antsika fa tsy hitoetra amin'ny toerana izay natao ho an'ny zava-maniry na ho an'ny biby na ho an'ny tany na vato... Mba mive-rena ary amin'ny toerana nametrahana antsika.

Ny Tompo Jesosy anie hampahery anao.

Pastora RANDRIAMANANTENA Simon
Fitandremana Antotahazo, Ankazobe
Fileovana Ambatovinaky

FANDAHARANASA HO AN'NY TANORA

Amin'ny endrika maro no entina mitory ny Filazantsara eny amin'ny Sekoly

Sekoly Lycée Nanisana

Toy ny fanao isan-taona dia niara-nankalaza ny Krismasy ireo Club miasa valo ao amin'ny Lycée Nanisana (UNESCO, GBU, Feon'ny Filazantsara, Kabary, Dessin ...). Samy naneho ny talentany ho fanamarihana izany ny Club tsirairay avy. Tao ireo nanome ny feony tamin'ny alalan'ny hira, tao ny nanao kabary, tao ny nanao sary. Ho an'ny Club Feon'ny Filazantsara dia nanao tantara an-tsehatra izy ireo ho fanehoana fa teraka ny Mpamonjy. Nasongadin'ny Club FF tamin'ny tantara an-tsehatra nasehony ary fa na dia maro aza ny fakam-panahy avetr'ny satana eo anoloan'ny tanora, raha manana ny Mpamonjy, Ilay Tompon'ny Tompo, Mpanjakan'ny Mpanjaka izy ireo eo amin'ny fiaina-

ny dia handresy lalandava. Marihina fa dia mitohy hatrany ny fianaran'ny mpianatra ny FSMI sy ny fivorian'izy ireo isaky ny Talata.■



Ireo Club FF Nanisana nidera an'Ilay Mpanjaka'ny Mpanjaka

Sekoly Martin Lotera Ambohimambola

Ho an'ny taom-piasan'ny Feon'ny Filazantsara 2014/2015 (Jona 2014 -May 2015) dia anisan'ny fikendrena ny fampivelarana ny asa eny anivon'ny Sekoly. Izany moa dia ny mba hahafahan'ny FF mitondra hatrany ny anjara birikiny amin'ny fanabeazana ireo tanora. Ny faniriana dia ny hitomboan'izy ireo amin'ny fahen-drena koa fa tsy amin'ny fahalalana fotsiny ihany. Nisy noho izany fihaonana tamin'ny Rtoa Norohanta Lousette, Talem'ny Sekoly Martin Luther eny Ambohimambola. Vokat'izany moa dia nisy fanentanana ireo mpianatra mikasika ny Fianarana Soratra Masina Ifandraisana (FSMI) atolotry ny FF maimaimpoana ny Zoma 30 Janoary 2015 nandritry ny fotoam-pivavahana fanaon'izy ireo ho famaranana ny herinandro.■

Sekoly "Les 5 Ruches" Tanjombato

Ho an'ny Sekoly "Les 5 Ruches", araka ny voalaza teo aloha, dia mitohy ny fianaran'ireo mpianatra isaky ny kilasy ny Fampianarana FSMI atolotry ny FF. Hatramin'izao dia mahatratra eo amin'ny 120 ny isan'ireo mpianatra manohy izany. Rtoa Pauline moa no mpiara-miasa antsitrapo miandraikitra ny fanaraha-maso izany eny an-toerana.■

Departementa "Médecine Vétérinaire"

Fitondrana am-bavaka ny taom-pianarana 2015/2016


Zava-dehibe ho an'ny Fikambanan'ny mpianatra ao amin'ny Departemanta ny "Médecine Vétérinaire" eny Ambatobe ny fametrahana ny taom-pianarana eo am-pelantanan'Andriamanitra. Koa ny Alakamisy 15 Janoary 2015, ho fanokafana ny taom-pianarana 2014/2015 dia nisy fiaraha-mivavaka nokarakarin'izy ireo. Ny lohahevitra nofidian'izy ireo tamin'izany moa dia: "Fiaraha-monina amin'Andriamanitra"; Andriamanitra ilay Teny tonga nofo ka nonina tamin-tsika. Amin'ny maha mpiara-miasa ny Feon'ny Filazantsara (FF) amin'izy ireo eo amin'ny fampandrosoana ny asa fitoriana eny an-toerana dia nandray anjara tamin'ny fiaraha-mivavaka ny solon-tenan'ny FF: fitarihana ny fotoana sy fanentanana sy famporisihana ireo mpianatra handalina ny Tenin'Andriamanitra. Satria tokoa ny fianarana sy ny fiainana ny Tenin'Andriamanitra no hahafahan'Andriamanitra miara-monina amintsika.■



Rtoa Tale, mila fiaraha-mientana ny fitaizana ireo mpianatra

ASA FITORIANA NY FILAZANTSARA ENY AMIN'NY FONJA

Fampianarana Soratra Masina - Hetsika rindran-kira (tohin'ny p.1)



Hita taratra tokoa ny fifalian'ny rehetra satria tsy nisy ny diso anjara tamin'izay nomanina ho azy. Hoy izy ireo: tsy maniry taona maro hijanona eto intsony izahay fa raha sanatria ka mbola eto dia maniry ny hitohizan'ny hetsika toy izao hatrany. Marihina fa isam-potoan'ny fifanintsanana dia nisy hatrany fanambarana ny Tenin'Andriamanitra sy famporisihana ny rehetra hamaky sy hianatra ny Soratra Masina.■

R. Lalao - Jaona Martin



Vonona tamin'ny lafiny rehetra ireo mpandray anjara.

Hoentina am-bavaka manokana

- Semina Fampiofanana Tafika masina : Fitandremana Toby Ambohibao - Fileovana Tanambao Manakara
- Fanitarana ny fandaharana amin'ny Radio
- Ny fiaraha-miasa amin'ny Sekoly
- Ny fiainam-pirenena